

TORITENY - ALAHADY NY VATANA AMAN-DRA MASIN'I KRISTY- TAONA D



Dia nihinana izy rehetra ka voky

Ry kristianina havana, raha tamin'ny Alahady lasa teo isika nankalaza ny Trinité Masina, amin'izao Alahady izao kosa dia mankalaza ny Sakramenta masina ny Vatana aman-dRan'i Kristy. Tsy mitsahatra isika no mamerimberina satria fiekem-pinoana izay, raha mankalaza ny Trinité Masina isika dia naverintsika, manambara fa Andriamanitra tsy lavitra ny Andriamanintsika ary Andriamanitra tokana fa olona telo. Tsy mitoka-monina ny Andriamanintsika satria tsy lavitra izy. Ny Trinité masina tsy hoe mikombona ny fiombonan'izy telo Ray, Zanaka, Fanahy Masina fa naniraka an'i Jesoa eto anivontsika. Izy miara-dàlana sy miombona amintsika, mibaby atsika aza araka ny hitantsika amin'ny

Vakiteny I : Jen. 14, 18-20

Salamo : Sal. 109

Vakiteny II : Kôr. 11, 23-26

Evanjely : Lk. 9, 11b-17

logon'ny famindrampon'Andriamanitra , izay ny Trinité masina, Famindram-po izy ka mamindra fo amintsika. Izany indrindra no ankalazaintsika amin'izao fetin'ny Sakramenta Masina izao.

Sakramenta dia midika hoe famantarana hita maso sy ren'ny vatantsika noharian'i Jesoa ary nampianarin'ny Eglizy ka mitondra

fahasoavana. Ny sakramenta dia famantarana tian'Andriamanitra tokoa ho eo anivontsika izy, hitantsika ao amin'ny Eokaristia, rehefa isika mamangy ny sakramenta masina.

Izay no irintsika amin'izao nanorenantsika ny Chapelle Famindrampon'Andriamanitra izao, dia Andriamanitra eo anivontsika, Fon'Andriamanitra eo anivontsika. Raha eo anivontsika ny Fon'Andriamanitra dia izy no mitepo sy ao amintsika. Izay no irintsika mba ho hisy Fon'Andriamanitra amin'ity tanànantsika, ny diosezintsika sy firenentsika ity.

Raha ny Fon'Andriamanitra no mitepo ao anatintsika ao dia io ilay Fo fitiavana, Andriamanitra dia Fitiavana . Tiantsika sy irintsika ny hamakivakian'ny sakramenta masina eo anivontsika, izay no antony anorenantsika io Chapelle Famindrampon'Andriamanitra io ka manatona ary isika satria ao ny Fon'Andriamanitra ilay Fo feno fitiavana vonona handray atsika mandrakariva, ao ny Tompo ka manatona azy, vonona lalandava izy ny hikarakara atsika. Henontsika tamin'ny Evanjely (*Lk. 9, 11b-17*) teo fa mikarakara atsika tokoa Andriamanitra, hitany izay mampijaly atsika, hitany koa izay mahasoana atsika. *Nanontany an'ireo mpianany i Jesoa raha afaka manome hanina ireo vahoaka maro be nanatrika teo izy ireo. Sahirana ireo Apostôly satria tsy manana eo am-pelantàny hahafahany hanatanteraka an'izany.*

Izay tokoa ny Eglizy, tsy isika no manana fa Andriamanitra no harena, izy no mamelona atsika. Ny Chapelle izay nahorintsika na dia hitantsika fa tsy hisy inona ao, tsy misy fitaovana ho azo ao, fa harena sarobidy kosa satria ao Andriamanitra ary dia fantany ny mampitombo ny mofo tsy amin'ny zavatra avy aty ivelany.

Isika koa dia Sakramentan'i Jesoa, isika dia famantarana ny famindrampon'Andriamanitra eo anivon'ny fiainantsika, ao amin'ny Eglizy, Eglizy kely, Eglizy fiombonana, Eglizy fototra, isika no Sakramenta masina mitondra an'i Jesoa. Io ny dikan'ny kominio raisintsika ka izay indrindra no ambaran'ny Evanjely (*Lk. 9, 11b-17*) *raha niteny tamin'ny mpianatra i Jesoa hoe "Firy ny mofo ananareo " ? , tsy manana hazandrano roa sy mofo dimy hoy ny mpianatra raha tsy hoe handeha hividy angaha ? Nanasa ary i Jesoa hoe ataovy mipetraka ny olona .* Avy amin'ny hasasarantsika, avy amin'ny zavatra kely bolitika amin'ny fiainantsika no hampitomboan'Andriamanitra ny fahasoavana. Izay no dikan'ny **Sakramenta araka ny voalazantsika teo famantarana hita maso sy ren'ny vatantsika mampahazo ny fahasoavana. Hain'Andriamanitra ny mahatsara sy mahasoana atsika raha manam-pinoana isika.**

Ry Kristianina havana am-pinoana no hahitantsika an'i Jesoa amin'io Sakramenta masina io ka raha mahita azy am-pinoana isika dia fantatr'i Jesoa ny manova ny fontsika. Fantany ny manova ny mofo dimy sy hazandrano roa hiova ho fahasoavana. Izay no hampiova ny fontsika dia ny finoantsika hahitantsika an'izay famantarana izay.

Matetika aho ny mamerina fa tsy tany malemy hanorenam-pangady ny finoana fa tany lonaka hiasan'ny fahasoavan'Andriamanitra ka hampamokatra sy hanitarany ny fanjakany. Raha misy tokoa ny finoantsika dia hain'Andriamanitra ny manova ny fiainantsika izay ao anatin'ny hery setra sy vonoan'olona, ao anatin'ny fitapitaka sy lainga izao. Raha ao amintsika Andriamanitra dia ho tany lonaka tokoa ity tanànantsika ity, ilay

Eglizy fiombonana, ilay Eglizy fototra sy iraka ary ilay fianakaviana Eglizy kely dia hanjary Fo mitepo ka hanome aina an'ity tanànantsika ity. **Tsy amin'ny zavatra mampitolagaga izany fa araka ny efa nolazaintsika teo mofo dimy sy hazandrano kely dia nahavoky olona marobe. Tsy hoe hanao fanjakazakana na fireharehana isika haneho hoe izahay mahavita an'izao, izahay manana an'izao... Tsy izany ny Eglizin'i Kristy fa ao anaty fanetrentena, ao anatin'ny fanompoana.**

Ny Eglizy dia fanompoana ary dia izay no ataontsika amin'ny alalan'ny asa rehetra, na ny litorjia aza dia asa Fanompoana an'Andriamanitra. Ampianarin'i Md Paoly tokoa isika ao amin'ny vakiteny faharoa (*Kôr. 11, 23-26*) fa isaka ny mihinana ny mofo sy misotro ny rà'n'i Jesoa dia manambara ny nahafatesan'ny Tompo : miara-maty amin'i Kristy amin'ny fahotana isika ary mankalaza ny nitsanganany izany hoe isika koa dia nodiovinny ao amin'izany fo vaovao izany. Io no ao amin'ny Chapelle ny Sakramenta Masina, ampitsanganiny isika ka mba isika ihany koa ny FO eo anivon'ny fiaraha-moninantsika, eo anivon'ny Eglizy kely fianakaviana, ary izay no tanteraka araka ny tantarain'ny vakiteny voalohany (*Jen. 14, 18-20*) : isika amin'izao fotoana izao ny taranak'Abrahama satria mino isika ary dia anoloran'Andriamanitra an'izay fahasoavana izay.

Fahasoavana miampy fahasoavana ity andro anio ity ry Kristianana havana fa indrindra amin'izao fanokafantsika an'ity Chapelle Famindram-po ity, amin'izao isika mamakivaky an'ity tanànantsika ity hanambarantsika fa misy Fon'Andriamanitra , Fo feno fitiavan'Andriamanitra ary dia ny Fitiavan'Andriamanitra no manentana an'ity tanànantsika ity sy manentana atsika tsirairay avy ary maro ny zanatsika amin'ity andro anio ity no nandray ny sakramentan'ny kominio, nandray an'izay fiombonana amin'Andriamanitra. Efa voalaza teo fa **tsy Andriamanitra mikombona ny Andriamanintsika fa Andriamanitra maniraka mivelatra eo amin'ny manodidina atsika ary mahatonga atsika ho Fo mitepo amin'ity tanàna misy atsika ity.**

Ry Jesoa Tompo ô, tsy Andriamanitra lavitra tokoa ianao, Andriamanitra eo anivonay, Andriamanitra miara-monina aminay ianao ary dia nametraka an'io Sakramenta masina io manambara fa eo anivonay tokoa ianao. Fanekem-pihavanana sarobidy ho anay ianao zay manambara fa Olo Araiky aminay ianao ary Olo Araiky ao aminao izahay ary dia fianakaviana araiky ao aminao izahay.

Enga anie ianao tokoa ny Fo mitepo anivon'ity tanànay ity, ianao tokoa ny Fo mitepo eo anivon'ny Eglizy kely fianakaviana tsirairay, amin'ny diosezy. Anao ny diosezy, hankalaza anao Fo masin'ny Diosezy izahay ato ho ato ka ny Fonao tokoa anie hanentana ny fiainanay manontolo. Amen